# Ilay Voa Tsara Nafafy 15 Septambra 2018

**15** **Asabotsy**
septambra

**Hanome saina anao sy hampianatra anao izay làlan-kalehanao Aho ; hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho.** Salamo 32. 8

## Ny sekolin'Andriamanitra

Nitady ahy Jesosy Kristy ary namonjy ahy. Nanomboka tamin'izay dia azy aho, ary mianatra ao amin'ny sekoliny. Hoy Izy tamiko : „Mianara amiko" (Matio 11. 29), ary ilaiko izany. „Iza no mba mpampianatra tahaka Azy ?" (Joba 36. 22). Izao, dia „zavatra iray loha ihany no fantatro : jamba aho teo aloha, fa mahiratra aho izao" (Jaona 9. 25).

Isanandro, rehefa mamaky ny Tenin'Andriamanitra aho, dia mahita ny momba ny tenako sy ny tsy fahalalako, ary indrindra koa mianatra hahafantatra ny Tompo, hahafantatra ny halemem-panahiny, ny faharetany. Raha mba afaka miteny aho indraindray hoe : „Fantatro...", dia mahare ny feony milaza hoe : „Raha fantatrareo izany, dia sambatra ianareo, raha manao izany" (Jaona 13. 17). Ary hain'ny Tompo ny mizaha toetra ahy.

Androany aho, ohatra, dia mety hotsapainy raha manam-pharetana na tsia. Tsy ny olana hapetrany amiko no zava-dehibe, na ny fomba hampiasainy. Mety ho fihaonana amin'olona sarotra ifandraisana izany, na amina ankizy tsy mahatombina, mety ho toejavatra manorisory mifampitohitohy. Raha tsy ampy fiomanana aho, amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fahatokiana tsotra fotsiny an'Adriamanitra, dia tsy ho tonga saina akory hoe mitsapa ahy ny Tompo. Toe-javatra mahasorena no ho hany hitako, fa tsy ny tanan'Andriamanitra, tanana hendry te hampiseho amiko ny fanafahany.

Mahatoky Andriamanitra, ka mandanjalanja ny hamafin'ny fitsapana, ary manome ny hery hahazakana izany (1 Korintiana 10. 13). Fantany, rehefa voaray ny lesona.